# Newsletter

*Juin 2020*

Sampana Iraisana Antoko Mpihira




Teny iray, feo iray, fo iray ary fanahy iray no entinay mpiandraikitra rehetra eto amin' ny Copil Avignon, izay fitambarana "commission 7" hiarahabana anareo vahoakan' Andriamanitra.

" Mitsangana, mihazavà fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr' i Jehovah efa miposaka aminao ".
Isaia 60: 1

Izany Tenin' Andriamanitra izany no teny faneva nofinidinay hanorenana ny fankalazana ny faha-30 taonan' ny AMF ary ny faha-16 nisian' ny ChoeurUni.

Ry havana, tsy tanteraka izany ChoeurUni 2020 izay nokasaina natao teto Avignon izany noho ny valan' aretina namely an' izao tontolo izao. Tsy kivy anefa izahay fa mitraka hatrany ary manome toky anareo fa mbola hanohy ny asa izay efa natomboka, ary iombonanay amin' ny Mpanao Salamo hoe; "Tsy mihemotra ny fonay ary tsy miala amin' ny lalanao ny dianay.

Indreto ary ny hafatra sy fijoroana vavolombelona avy amin' ny "commissions" isan-tsokajiny, mamakia finaritra tompoko.

**Commission spirituelle**

Ny fihariarihan' ny voninahitr' Andriamanitra dia tanteraka eo anivon' ny vahoakany- dimension communautaire. Isan' izany ny antoko-mpihira. Hita taratra amin' ny fiainan' ny sampana fa ny filazantsaran' Andriamanitra no aingam-panahin'ny fikasany rehetra sady mamaritra ny asa tanterahiny no mandrafitra ny fomba fiasany. Tosika mamporisika ny ChoeurUni ny fanefena ara- panahy ny mpikambana sy ny fitondrana ilay fahazavana eo amin' izao tontolo izao mba ho marina eo Avignon sy ny manodidina ilay voalaza ao amin' ny Matio 4: 16

*Ny Mpitandrina Toky Rakoto*

**Commission Communication & Tenue**

Ny teny faneva no nentina namakivaky ny asa fanomanana rehetra. Mbola io teny faneva io ihany koa no mbola entina indray ankehitriny hihatrehana ny fitohizan' ny asa misiona napetraka tamintsika AMF dia ny hitory ny Filazantsara an- kira. Mankasitraka antsika rehetra niara-nientana nanatontosa arak' izay tratra.Vonona ny hiroso hatrany ho voninahitr' ilay Tompontsika. Ny Fanahy Masina no iankinana amin' izany.

*Harinaina Ramaroson*

## Commission Concert

"Aza menatra ny ho vavolombelon' ny Tompontsika"
2 Tim 1: 8a. Mpandray anjara mavitrika amin' ny fanomanana ny ChoeurUni faha- 16 ao Avignon isika sady resy lahatra tanteraka fa afaka mitondra ny anjara birikiny ny tsirairay amin' ny fampandrosoana ny asa fitoriana ny Filazantsara amin' ny alalan' ny hira. Enga anie ka hanamafy ny fifakantiavantsika sy ny fifarimbonantsika Mpino an' i Jesoa Kristy izao fihaonam-be nasionaly AMF FPMA izao, ary hampanalavitra antsika amin' ny fifandirana sy ny fisarahana." Hihira ho an' i Jehovah aho satria nanisy soa ahy Izy". Salamo 13:6
*Hery Ramangasalama*

## Commission Inscription- Accueil

"Fa izay mihaino Ahy kosa hitoetra tsy manana ahiahy. Eny, handry fahizay izy ka tsy hatahotra ny ratsy". Ohabolana 1:33. Izany Tenin' ny Soratra Masina izany no entin' ny Commission Inscription-Accueil hiarahabana ny vahoakan' Andriamanitra.Tianay marihina etoana fa na teo aza ny firesahana momba ny valan' aretina teto amin' ny firenena dia mbola maro no nanohy ny fisoratana anarana koa dia isaoranay manokana ianareo tamin' ny fitokisana napetrakareo taminay. Ny Choeuruni no nahemotra amin' izay fotoana maha-mety azy fa ny Asan' Andriamanitra kosa dia mitohy hatrany.Izahay mpiara- miasa dia manao tongotra miara- mamindra, soroka miara- milanja, hampandroso ny fanjakan' Andriamanitra!
*Zo Rasoanaivo*

## Commission Finance-Sponsoring

Andriamanitra mahatoky ny Andriamanintsika, manatanteraka ny teny fikasàny, ary manana ny hevitra iheverany antsika zanany, dia hevitra hitondra fiadanana fa tsy loza. Na tsy tanteraka ary ny CU2020 dia tsy kivy isika fa misaotra an' Andriamanitra hatrany amin' ny fandaharany sy fandaminany. Mbola fifaliana hoa antsika ny hanohy ny asa fanompoana, ary mino isika fa hanafy hery, hampitombo fahendrena, hanome fifaliana ary hampiroborobo ny fifankatiavana misy eo amintsika tokoa ny Tompo.
*Vololona Léon*

## Commission Logistique- Sécurité

Faly Miarahaba antsika rehetra amin' ny Anaran' ny Tompo.Ry Kristiana havana… Ary fantantsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an' Andriamanitra Rom 8: 28a. Efa nitrotro amam- bavaka ny CU 2020 isika ry havana koa tokony hatoky Azy fa Izy no Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana. Ary mbola hapetraka eo am-pelatanany izay ho tohiny. Koa Mitsangana, mihazavà , fa tonga ny fahazavanao. Ho an' Andriamanitra irery ihany ny voninahitra. Amen.
*Lala Rasoanaivo*

## Commission Restauration- infrastructure

Ry mpianakavin' ny finoana , ry Antokom-mpihira isany. Nandalo fitsapana mamay sy adi-sarotra isika, nefa dia nivoaka mpandresy satria nahoana mbola velona amin' ny finoana sy ny fanantenana. Tsy ho foana tsy akory ny fikelezantsika aina tamin' ny fanomanana sy ny fikarakarana rehetra ny Choeuruni 2020. Ny hoavin' izany fitoriana an- kira izany dia apetrantsika feno sy tanteraka amin' ilay Tompontsika izay hinoana marimarina fa manana zava- tsoa sy mendrika hatolotra antsika. Manao veloma anareo ao amin' ny Tompo izahay!
*Fanja Rakotomamonjy*

*Copil Avignon*
*Fanja Rakotomamonjy*
*Fidy Rakotomamonjy (Filohan' ny antokom- pihira Vetsom- panahy)*

# ASANDRATO RE NY FEO



Fanja Gaf RAMARLINA

COMPOSITEUR

« Asandrato re ny feo » qui pourrait se traduire par « haussons la voix ».
Tel est le titre du chant que j'ai proposé pour le 30e anniversaire du ChoeurUni, édition 2020.

Cette grande manifestation, axée sur la louange et l'évangélisation par les chants, réunissant quelques centaines de choristes tous les 2 ans, a pour thème cette année : "Lève-toi, brille: ta lumière arrive, la gloire du Seigneur se lève sur toi." ( Esaïe 60.1)

Cette composition, comme son titre, a été inspirée de ce verset biblique. Ainsi, les paroles véhiculent un message mettant en avant la grandeur de Dieu, sa puissance sur laquelle toutes personnes peuvent compter. Les choristes, comme tous les chrétiens sont une lumière pour le monde.

Leur mission a été mise en avant : «Chantez en l'honneur de l'Eternel un cantique nouveau, chantez en l'honneur de l'Eternel, habitants de toute la terre! » (Psaume 96:1). La Parole ordonne à se lever et briller, on doit à notre tour répondre et être prêt à accomplir cet appel. Comment donc transmettre cela dans un chant ? C'est la question qu'on se pose souvent quand on écrit le texte d'un chant ou quand on compose celui-ci.
Il va falloir choisir un style musical qui, parmi d'autres, sera «cohérent» au message à transmettre. Pour ma part, j'ai opté pour un mélange d'aire qui, dans sa douceur, montre de la détermination, de la volonté. Du coup, on entendra à la fois du «ba-gasy» ou cadence malgache (si on peut le traduire ainsi) et de la marche tout au long de ce chant.

Voilà un petit récit concernant mon inspiration quant à l'écriture et la composition de ce chant intitulé « Asandrato re ny feo ». Pour terminer, je tiens à remercier Dieu pour sa bonté et sa grace, le bureau de l'AMF national de m'avoir réservé une place dans cette Newsletter mensuelle et pour son application remarquable afin de gérer au mieux ce groupe de chorales national de la FPMA. A Dieu seul la gloire !

Fanja Ramarlina (Gaf)

En cliquant sur le logo,
vous pouvez accéder à la vidéo
Asandrato re ny Feo.

**Retrouvez nous sur**

AMF National - FPMA

amf_national

AMF National - FPMA

# ASANDRATO RE NY FEO

## *Explication donnée par la chorale*

La chorale est fondée dans l'objectif de partager et témoigner la bonté de Dieu pour tout le monde. Il est le meilleur abri, c'est pourquoi nous élevons nos voix pour lui rendre gloire. Si la lumière de Dieu est levée sur nous, nous sommes aussi porteur de lumière pour ce monde par nos paroles et nos louanges.

## *Résumé par la commission spirrituelle*

Chantons pour célébrer la bonté de Dieu, sa puissance et sa gloire. Elles sont comme une lumière merveilleuse qui irradie en nous, ses disciples. Par nos voix, faisons-la rayonner sur le monde en proclamant sa parole.

## *Message*

- La grâce de Dieu s'accomplit chaque jour: Songez à tous les miracles qui en témoignent !
- Reconnaissons cette puissance et cette bonté
- Demeurons en Lui car Il est notre meilleur rempart contre l'adversité et le mal. (Psaume 26:1-b)
- Nous qui L'avons reçu, Sa Lumière est en nous, élevons nos voix et louons-Le .

Elevons nos voix avec allégresse, chaque jour, à la gloire de Dieu, pour clamer Sa grâce et Sa bonté. Transmettons sa parole en reflétant cette lumière qu'il nous a donnée et qui, ainsi, illuminera le monde.(Psaume 36:9- Esaie 60-3)

## *Pour aller plus loin*

- Prenons bien conscience de cette mission que Dieu nous a donnée, nous choristes.
- Illuminons-nous le monde comme cette lumière de Dieu ?
- Quand nous élevons nos voix, avons-nous bien conscience que c'est la Lumière de Dieu que nous devons refléter?




En cliquant sur l'image,
vous pouvez accéder au lien pour
déposer les photos archives ChoeurUni.

fpma
Sampana Iraisana
Antoko Mpihira